## Ny Valosoa sy Fakafaka 2
## Fitondrana vakiraoka ny fitondrana Rajoelina

## Depiote Feno Ralambomanana 2
## Miantso ireo depiote hafa hanohana ny fitsipaham-pitokisana


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 10 martsa 2022 Laharana 1272 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Avy namely tany Sofia sy Boeny... 7
## Nivoaka an-dranomasina ilay rivodoza Gombe


**8 martsa tany Morondava** 2
# Nasehon'ireo vehivavy fa leo volomboasary izy ireo





**Vehivavy TIM Analamanga sy Atsinanana** 2
# Nifanakalo traikefa ho fampiroboroboana ny Vehivavy TIM




**Cnaps eny Ampatsakana** 3
# Ataon'ny mpitondra fatsakana vola



**Ambodivonkely Ambohimanarina** 6
# Misy mpangalatra moto midaroka amin'ny hazo misy fantsika koa




**Manjakandriana** 6
## Vehivavy 35 taona maty nofaohan' ny fiara, nandositra ilay nandona

**Tsy fandriampahalemana** 7
## Misy vaky trano isak' alina any Moramanga

**Daka kely**

Toa tsy tian'ny mpokona intsony ilay volomboasarin' ialahy isany ry Boaikely a !

VEHIVAVY TIM ANALAMANGA SY ATSINANANA

# Nifanakalo traikefa ho fampiroboroboana ny Vehivavy TIM eran'i Madagasikara

Fotoandehibe ho an'ny vehivavy ny 8 martsa noho ny maha andron'ny vehivavy azy ao anatin'ny taona iray. Manoloana izany indrindra dia nanapakevitra ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) Analamanga araka ny fanambaràna nataon'ny filoha vonjimaika mitarika azy Rahelisoa Arphine, fa hisy solonten'izy ireo hiatrika ny fankalazàna ny 8 martsa any Toamasina. Izany no natao hoy izy dia ahafahana mifanakalo traikefa amin'ny fampiroboroboana ny vehivavy TIM manerana ny Nosy, satria ny vehivavy no maro an'isa eto amin'ny firenena ary mahatsapa ny fahasahiranana mianjady ao antokantrano. Amin'ny maha 8 martsa azy dia nisy ny fandraisan'anjara tamin'ny filaharambe nataon'ny andriambavilanitra rehetra sy fikambanana maro misehatra eo amin'ny politika sy fikambanana maro teny amin'ny araben'ny fahaleovantenan'i Toamasina. Nisongadina tamin'izany ny Vehivavy TIM, izay nahaliana ny olona nijery ny filaharana nataon'ireto farany. Hafaliana tsy omby tratra no nandraisan'ny olona azy ireo izay nahitàna taratra fa miandrandra ny antoko Tiako i Madagasikara ny vahoaka Malagasy tototry ny fahantrana ankehitriny. Rehefa vita izany dia niaraka nitodidoha namonjy ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Ambodisoanambo ireto andriambavilanitra ireto. Nisy ny dinidinika fampiroboroboana ny antoko amin'ny ankapobeany tao anatin'izany , ka ny filoha lefitra nasionaly ny antoko TIM misahana an'i Toamasina, ny senatera teo aloha Jacky Randriantsalama, no nitarika ny fotoana. Teo ihany koa ny filohan'ny DISTIM Andriamatoa Naina Andrianiarifera sy ny coach Atsinanana Ramatoa Blandine Voizy, nandray ireo vehivavy marobe any Toamasina sy Analamanga. Nanambara avy hatrany ny filoha lefitra nasionaly Randriantsalama Jacky, fa miomana amin'ny fifidianana ho avy isika. Mitaona anareo vehivavy aho hoy izy satria ianareo no maro an'isa , mivonona fa maro ny adidy miandry antsika amin'ny fampiroboroboana ny antoko. Isika tsy eo amin'ny fitondràna izao fa miomana isika haka ny fitondràna amin'ny alalan'ny fifidianana madio ; ka eo no hilaina ny fandraisan'andraikitra eo amintsika . Ny filohan'ny Distim Toamasina Naina Andrianarifera indray dia nisaotra ny fahavononan'ny vehivavy TIM Toamasina sy Analamanga amin'ny fientanampo asehonareo amin' ny antokontsika. Hisaorana manokana ianareo Analamanga hoy izy tonga aty aminay izay tsara alain-tahaka, satria ny fifampiresahana eo aminareo dia tena ilaina ahafahana manatsara ny fomba fiasa. Ny mpitantana ny vehivavy TIM Toamasina Blandine Voizy, raha nandray fitenena dia nilaza fa faly izahay vehivavy TIM aty Toamasina hoy izy satria samy nahazo lesona isika amin'izao fifanakalozana traikefa izao. Isika vehivavy hoy izy no tena mahatsapa ny fahasahiranana mahazo ny firenena ankehitriny, ka tsy hipetra-potsiny isika manoloana izany. Ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga vonjimaika Rahelisoa Arphine, raha nandray fitenenana dia nisaotra ny mpampiantrano tao Toamasina, fa afapo tamin'ny fandraisana rehetra. Ilaina ny fifanakalozana traikefa hoy izy, satria mila fiovàna ny fanaovana politika ankehitriny. Tsy miandry tolorana lava amin'ny fandraisana andraikitra, fa ny fandraisan'anjaran'ny rehetra no zavadehibe . Tsy miandry ny antoko isika hoy izy satria isika tsy eo amin' ny fitondràna, ka maro ny sampanana tsy maintsy jerena. Isika vehivavy TIM no hanome ohatra tsara amin'izany. Amin' ny maha andron'ny vehivavy ny 8 martsa azy moa dia nofaranana tamin'ny fiarahana nisakafo niraisan'ny roa tonta, sy fiarahana nandihy sy nitotorebika ny fotoana , ka ny masoandro maty no nampalahelo.

Ny Valosoa



Vehivavy TIM Analamanga sy Atsinanana miara-dia.

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fitondrana vakiraoka ny fitondrana Rajoelina

Izay rehetra nandia ny dabilion-tsekoly dia samy mahalala ny atao hoe vakiraoka, '' brouillon'' ny dikany amin'ny teny frantsay, inoana fa io dikany amin'ny teny vazaha io no manamora ny fahazoana ny heviny .

Fony mbola nianatra , rehefa mampanao fampiasana ny mpampianatra dia manafatra foana hoe , aza maika manoratra ao anaty kahie, fa ataovy matotra tsara aloha ny any anaty vakiraoka, izay vao adika ao anaty kahie, mazava izany fa ny andrakandrana rehetra dia any anaty vakiraoka, mikorontana sy maloto ny vakiraoka, matetika raha mpianatra tsy mahay dia fanina tanteraka , tsy mahavita mandamina sy mamoaka izay noketrehina tao amin'ilay vakiraoka.

Dia toy izany ny fomba fiasan'ny fitondrana tarihindRajoelina, mikorontan-dava toy ny vakiraoka, ka ny tena loza amin'ilay fomba fiasa, tsy misy ny andrana na fitsapana any anaty vakiraoka, fa tonga dia miseho ho efa mahay , manoratra avy hatrany any anaty kahie, dia mazava ho azy , fa miraraka ny hadisoana, dia voatery tsy maintsy mampiasa gaoma , ny niafarany dia rovitra hatramin'ny kahie.

Maro ireo tranga izay mampiseho ny fomba fitantanana vakiraoka , vao tsy ela akory izay ny resaka valizy misy kodiarana tsy azo ampiasaina sy ny ordinatera tsy azo entana eny ambony fiaramanidina, izay hita mibaribary fa mbola hevitra vakiraoka dia efa idedahana avoaka amin'ny fampahalalambaovao, tsy io ihany fa maro tsy tambo isaina, mba tsy ilazana hoe izay rehetra ataon'ity fitondrana ity dia toy ny vakiraoka avokoa , ka tsy mahagaga raha mitsimpona aotra lava amin'ny isa omen'ny mpamatsy vola ary amin'ny fifidianana ho avy eo dia tsy isalasalana fa zara raha hitoko amin'ny isa omen'ny vahoaka azy ny fitondrana Rajoelina.

**Ny Valosoa**

Depiote Feno Ralambomanana

# Miantso ireo depiote hafa hanohana ny fitsipaham-pitokisana

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin' izao fotoana, indrindra ny mahakasika ilay resaka fitsipahampitokisana ny governeman-ta, na fanalana ny gover- nemanta, ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-3, avy amin' ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Miantso ireo Solombavambahoaka naman aizy, mba hanohana amin'ny fitsipahampitokisana, nambaran'ny ao amin'ny Vondrona Parlementera TIM. Nambaran'ity olomboafidy ity fa:"tsy manana eritreritra hiditra anaty fiarahamitantana ny governemanta izany izahay solombavambahoaka TIM. Izahay kosa anefa miantso ireo solombavambahoaka namana, mba hanohana anay, ary rariny sy hitsiny izany raha ny zava-misy eto amintsika no jerena.
Mino izahay fa misy te-hiara-dia aminay amin'izy ireny, satria mahatsapa fa tsy mandeha ny raharaham-pirenena. Asakasak'ireo solombavamba- hoaka tsy mahita fa efa mafy ny manjo ny vahoaka, satria efa ny vahoaka mihitsy no mian- tso".

*Isambilo*


**Ny depiote voafidy avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3.**

Senatera teo aloha Ramalason Olga

# Mitady hivarina an-kady isika mianakavy

Mila mampaneno lakosy isika, fa mitady hivarina an-kady isika mianakavy ankehitriny, hoy Ramatoa Ramalason Olga senatera teo aloha, raha miresaka ny fitantanam-pirenena ataon' ny mpitondra ankehitriny izy, tao amin' ny famaliany ny fanontanian'ny mpanao gazety nivoaka tao amin'ny televiziôna tsy miankina iray teto an-drenivohitra tamin'ny talata 08 martsa 2020 teo. Tena sahiko ny milaza, hoy izy, fa misy "incompetence" eo amin' ireo minisitra eto amin-tsika, ka lasa kilalaon-jaza ny fitantanana ny firenena. Ela izay niainana tao anatin'ny 60 taona izay, hoy hatrany izy, fa tsy mbola nisy tahaka ity, fa tato ho ato dia "Scandale sur scandale" no misy, ka tena tsy "Crédible", na tsy atokisan'ny vahoaka intsony io fitondrana ankehitriny io.

*Rainilita*


**Olga Ramalason senatera teo aloha.**

8 martsa tany Morondava

# Nasehon'ireo vehivavy fa leo volomboasary izy ireo

Niavaka tsy toy ny isan-taona ny fankalazana ny 8 Martsa, ho an'ny renivohitry ny faritra Menabe, satria dia tsy nandaitra intsony ny teritery fanaovana ny loko volomboasary, fa samy nanao izay loko tiany ireo fikambanana sy sampan-draharaha ary saika hita nisongadina mihintsy aza ny loko mena, ohatra amin'izany ny vehivavy avy ao amin'ny fiadidiana ny faritra Menabe dia nisafidy ny loko mena , ireo antoko sy fikambanana manohana ny fitondrana dia tsy sahy niseho masoandro mihintsy tamin'ity indray mitoraka ity, raha nijoro sy navitrika kosa ny Vehivavy TIM teto Morondava ary nandray anjara tamin'ny hetsika rehetra izay nentina nankalaza ity 8 Martsa 2022 ity .
Nanontany tena ny rehetra raha saika hijery volomboasary midorehitra, ary samy nilaza hoe efa tsy misy manohana fitondrana afa- tsy ny solombavambahoaka ve sisa ato Morondava ? sa kosa leo didy jadona ireo vehivavy ?
Tao moa ireo nilaza fa maro loatra ny fampanantenana poakaty nataon'ny TGV sy ny forongony dia leo ny vehivavy. Izao hetsika izao dia efa valin-kafatra ampahibemaso, ka tokony hahatonga saina izay mbola afaka mandinika hatreto. Marina fa tena mahatsiaro voafitaka ny mponin'i Morondava raha ny zava-misy no jerena, satria tsy misy fampandrosoana na asa mandeha araky ny tokony ho izy ato amin'ny renivohitry ny faitra Menabe, fa variana amin'ny kiantranoantrano, sy kinamanamana. Amboarina goudron ny lalana ao amin'ny fokontany Andakabe satria mankany amin'ny tranon'ny minisitra Tinoka, efa ela moa no nisy vita io lalana io fa saingy mbola tsy voaloa ny volan'ny entripese nanao azy dia nampiasaina tsy notokanana. Fa hiverenana ny fankalazana ny 8 Martsa, tsy hay na noho ny tsy fahitan'ny assistant ny député Tsiliva loko volomboasary, na noho ny kinamanamana ihany, fa tsy nomen'ny assistant nampiasaina mihintsy ny sônôany tamin'ny filaharambe izay efa maherin'ny 3 km ny halavany. Nataony tany amin'ny faran'ny filaharana ny fikambanan'ny vadin'ny député Tsiliva dia ireo ihany no nisitraka ny sônô raha nangataka moa ramatoa filohan'ny 8 Martsa eto Morondava dia nilaza Andriamatoa assistant, fa ny ekipany ihany no hampiasana io. Farany, nizotra ampilaminana tsy nisy sônô ny carnaval, ka tao ireo nampiasa radio carte tao ireo nihira ny miara-mizotra. Teo amin'ny kabary nifandimbiasana dia tsy nahita merci président sy kabary politika, fa saingy notsindrian-dRamatoa filohan' ny 8 martsa Morondava kosa, fa mbola tsy voahaja ny miralenta amin'ity fitondrana ity. Tsy nisy antoko politika hita nijoro tamin'ity 8 Martsa 2022 ity afa-tsy ny vehivavy TIM sy ny vehivavy MMM raha ny teto Morondava. Votery tsy maintsy nanapaka fifamoivoizana foana hatramin'ny nanaovana ny kianjaben'i Morondava ho kianja manara-penitra isaky ny misy hetsika toy izao, satria tsy mety vita ity kianja ity hatramin'izao.

*Rajepa*



*Ny Vehivavy TIM Morondava, nandray anjara tamin'ny filaharamben'ny 8 martsa, tany amin'ny renivohitry ny faritra Menabe.*

Ny Valosoa sy hadihady

## Cnaps eny Ampatsakana
# Ataon'ny mpitondra fatsakana vola

Nahazo sehatra teo amin'ny fampahalalambaovao ny resaka Cnaps tao anatin'ny andro vitsivitsy.

**FA INONA NY CNAPS?**

Caisse Nationale pour la Prevoyance Sociale no fanalavana azy amin'ny teny frantsay, izay azo adika malalaka hoe : kitapombolampirenena natao ho amin' ny fiahiana ara-tsosialy.

Ny latsakemboka 1% aloan'ny mpiasa tsirairay sy ny 13% aloan'ny mpampiasa no mameno ny kitampombolan'ny ''Cnaps'', isambolana ny latsakemboka, fa ny fomba fandoavana azy dia atambatra isaky ny telovolana.

**VOLABE NO MIHODINA AO AMIN'NY CNAPS**

Ireo mpiasa sy mpampiasa amin'ny orinasa tsy miankina rehetra dia tsy maintsy mandoa latsakemboka any amin'ny ''Cnaps'', mazava ny tarehimarika fa volabe no mihodina ao anatin'ity orinasa natao iahiana ny mpiasa sy ny fianakaviany ity, kanefa izany tokoa ve no miseho?

**TSY MITSINJO NY MPANDOA LATSAKEMBOKA NY CNAPS**

Nandritran'ny fotoana nisian'ny fihibohana vokatry ny aretina koronaviriosy, dia tsy mba nisy ny fitsinjovana ireo orinasa tsy afa-nihodina ara-dalàna fa ny fantatry ny ''Cnaps''dia ny tsy maintsy mandoa latsakemboka ihany , nofitahina ireo mpiasa ka nolazaina hoe afaka mampindrana vola tsy misy zanabola hono ny '' Cnaps'', izay fita-bitro tsotra izao satria, ny fisondrotry ny vidimpiaianana dia efa zanabola tsy azo amaivanina , fa raha tena mitsinjo marina ny mpiasa sy ny orinasa malagasy ny '' Cnaps '' dia tokony nekeny ny tsy tokony ho nandoavana ny latsakemboka na dia fampihenana ny vola aloa ho telo volana fotsiny ao anatin'ny herintaona aza.

**FA INONA NO NITRANGA TAO AMIN'NY CNAPS?**

Nisy ny famoaham-baovao nataon'i Fanirisoa Ernaivo, avy amin'ny ''Rmdm Diaspora'', izay efa filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara, sady filohan'ny '' SSM'' na ''Solidarite Syndicale de Madagasikara '', io no rafitra ivondronan'ireo sendika maro eto amin'ny firenena.

Ilay famoahambaovao naparitak'i Fanirisoa Erhynaivo dia miendrika ampamoaka manatsikafona ny fanaovana tantely afadrakotra ny volan'ny ''Cnaps'', ny vokatr'izay ampamoaka izay dia nisy ireo mpiasa natao fanadihadiana mikasika ny loharanombaovao izay nampisahotaka ireo mpitantana ao amin'ny ''Cnaps'' sy ireo mpitondra mpiaramisaosy ao, ny '' SSM'' kosa dia naneho firaisankina tamin'ireo mpiasa natao famotorana ary nitaky ny hamotsorana azy ireo tsy misy hatak'andro sy hanaovana ny fanadihadiana mikasika ny fahamarianana na tsia izay nambaran'i Fanirisoa Erhynaivo.

**NAVOTSOTRA IREO MPIASA SIVY**

Taorian'ny fanadihadiana nataon'ny mpitsara mpanao famotorana dia nahazo fahafahana vonjimaika avokoa ireo mpiasan'ny ''Cnaps''' miisa 9, ka amin'ny Alatsinainy 21 Marsa 2022 no hiakatra fitsarana ny raharaha.

Mitovy tsy misy valaka amin'ny raharaha '' Ravo Nambinina '' ity raharaha ''Cnaps '' satria tsy ilay vola voahodinkodina no manahirana ny fitondrana, fa ny hanafay izay namoaka ny vaovao, azo eritreretina izany fa dia omena fahafahana noho ny fisalasalana ireo mpiasa, satria sarotra ihany koa ny hanameloka izay tsy nanota, ary mety ho afamaina ireo mpanao tantely afa-drakotra.

Soa fa nisy ny ''SSM''vonona mandrakariva hiady hanohitra ny tsy rariny sy ny fandrobana ny harempirenena, amin'ireo mpitantana sasany ao amin'ny '' Cnaps''sy ny mpitondra miahy ny orinasa dia mazava ny masaka ao antsain'ny ampahany amin'izy ireo , ny orinasa '' Cnaps '' izay manana ny foibentoerany eny Ampatsakana dia noheverin'ireo tsy matahotody sasantsasany ho toy ny dobo fatsakana vola, hanaovana izay danin'ny kibony fa tsy natao iahiana ireo mpandoa latsakemboka.

*Ny Valosoa*

**NY VALOSOA VAOVAO facebook**

**Hanova governemanta hono Rajoelina, hoy ny depiote Lanto Rakotomanga**



**Mandroso Randria :** «mino aho fa hiroso am fanovana ny governemanta ny Filoha» ozy tenin'i Lanto Rakotomanga. Haingam-pandeha loatra ny Filohan'ny Repoblika eo am asa fampandrosoana ka maro ireo mambran'ny mpanatanteraka no tsy maharaka an'izany. Afaka manao remaniement tsara izy fa tsy voatery handalo motion de censure akory izany rehefa hitany fa misy tsy maharaka ny fandehany, ary mino aho fa tsapany ny fisian'izany".

**Abigaëlle Amir Razafi :** zavatra iray efa mandeha mafy loatra dia midona @ poteaux retsy an...!

**Alfred Rasendra :** dia ahoana no hilazana an'i Mme la députée Bac +24 sa QI en dessous de 0 ?

**Manjary Tsilany :** Alfred Rasendra : kkkkk d tena miseho ho fanaperana mitsy. D gaga ny tena!

**Ambatomanitrasina Vohitra Masina :** Kkkkkkk, miandry scandale indray amin'ny alatsinainy. Hihihiiiii !

**Randimbindrainy Ben Elyah :** tonga indray razafindradoka ! Mandeha mafy ny Valise a Grande Vitesse dia nesorina ny roulettes! Dia napetaka indray ilay roulettes fa bedin'i Datou!

**Rdll Andriant Louisanne :** maika handroaka vola am baoritra ndray aaa, osiaoeee ry kala e!

**Vahoaka Malagasy :** haingana mankaiza hono ?

**Victor Bezandry:** raika ty fitondrana ka raha fandehan-tsokatra pendant 60 ans zegny.

**Eddy Rak :** maika hankany an-davaka. Jamba io ramatoa io tsy mahita ny fijalian'ny vahoaka …

**Hasina Rakotondrabe :** manaraka "iny lalana iny" koa !

**Eddy Rak :** lasa allergique an'io ramatoa mpisolelaka io aho marina e!

**Ony Fifaliana :** itony madama itony kosa, mifoka zavatra tsy maina tsara angamba ka...

**Ar's Ranarison Razanaparany :**Ony Fifaliana solombavantsika hono io...

**Faniry H. N. Randrianavony :** haingana @ fizarana vary masaka, député VP !

**Miora Randriamampianina :** nipitika hatramin'ny solonify mihitsy naheno azy teo eee. Sady nampihomehy no nahasosotra.

**Vololona Ramasindray :** tsy ny governemanta no gtokony hovana, fa Rajoelina mihitsy no mila miala, na hesorina.

**FANKALAZANA NY 8 MARTSA**

# Nanadio lalankely tamin'ny fokontany miisa 3 ny Vehivavy TIM Boriboritany faha-3

Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ny andron' ny 8 martsa koa ny Vehivavy TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra. Fanadiovana lalankely tamin'ny fokontany miisa 3 tao amin'ity Boriboritany ity no nataon'izy ireo nandritra izany fanamarihana ny andro eran-tany iadiana amin'ny zon'ny vehivavy izany. Nanatanteraka hetsika fanadiovana lalankely faobe teny amin' ny fokontany Ampandrana Andrefana, Ampandrana Atsinanana ary Ampandrana Besarety ireo vehivavy Tiako i Madagasikara ao anivon'ny Boriborintany fahatelo ireo, sy ireo vehivavy mpiaramiasa amin'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara, Feno Ralambomanana ao anatin'ny Fokontany miisa 34. Izany hetsika izany no nanamarihan' izy ireo ny fankalazana ny 08 Martsa ary nanehoana ny firaisakinan'ireo vehivavy, sy fanentana ireo mpiara-belona amin'ny fanadiovana ny tananà.



*Ireo Vehivavy TIM Boriboritany faha-3 sy ireo vehivavy ao amin'ity boriboritany ity, nanadio tanàna ny talata teo.*

*Stefa*

Tongavelo Athanase

# Misy minisitra "incompetents" eto amintsika

Potsirikoriko eto, hoy Andriamatoa Tongavelo Athanase minisitra taloha tamin'ny andron'ny Amiraly Didier Ratsiraka, sy tamin'ny tetezamita, raha niteny tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray izy tamin'ny talata 08 martsa teo, fa misy mpikambana amin'ny governemanta ankehitriny tena "Incompétents", tsy mahavoa raha, mba tsy ilazana hoe : tsy mahay na inona na inona, nefa tsy dia ho lazaiko eto ny anarany, hoy izy. Be dia be amin'ireo minisitra ankehitriny ireo no nanao "faux diplômes", hoy izy. Amin' ny naha-minisitry ny fampianarana ambony aho taloha no hahafantarako an'izany ka azoko atao ny mamoaka izany, hoy izy, asa ny polisy raha hanontany ahy ka ho teneniko hoe i Anona sy i Anona fa tsy mety izany. Misy ihany koa anefa ny "népotisme". Io dia aretim-be ka ny havan'ny Prezidà na ny havan'i Madame Prezidà sy ny manodidina azy ihany no homena toerana hapetraka ho ambasadaoro io, ohatra an'izany… Ka tsy mety io fa fahalovana eto amin'ny firenena na dia mety manao ny ezaka amin'ny fanarenanam-pirenena aza ny Prezidà fa misy mpiara-miasa aminy ao amin'ny Prezidansa ao na any amin'ny Arena tsy mety fa ao anaty fahalovana, hoy izy namarana ny teniny.



*Andriamatoa Tongavelo Athanase.*

*Rainilita*

TONONKALO

## VALIZY TSY MISY KODIARANA ?

Rehefa valizy no tsisy kodiarana,
Ho foana avy hatrany ny afera malaza ?
Sa tena ianareo ry nahita fianarana
No efa mivaona , manao hevi-jaza ?

Rehefa valizy no tsisy kodiarana,
Fa entin-tanana na am-babena,
Dia marika iray tena ahafantarana
Fa tsy ao anatiny ny volamena ?

F`angaha efa voavinavina sady
Ho tsy maintsy an- kilao maromaro no hivoaka,
Sa `zay no fanaon-dry zalahy kamarady,
Dia mody ampiesonina indray ny vahoaka ?

Rehefa valizy no tsisy kodiarana,
Dia hanantena amin`izay ny rehetra,
Fa tsy hisy intsony ary tena hifarana
Izany ireo bizina tena voretra ?

Valizy tsy misy kodiarana indray
Izany izao ilay "vahaolana mahatsikaiky" ?
Dia "miandry fa gasy" ary re izahay
F`ianareo moa mpitondra efa tena mampiaiky!

*TSIMIMALO (09-03-22)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Lanonana tao Ambodisoanambo Toamasina, tao aorian'ny fifanakalozana traikefa teo amin'ny Vehivavy TIM Atsinanana, sy ny Vehivavy TIM Analamanga.**










**Ireo vehivavy ao amin'ny Boriboritany faha-3, sy ny Vehivavy TIM ao amin'ity boriboritany ity, nanadio lalankely ho fanamarihana ny andron'ny 8 martsa.**









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Koa ny finoana dia avy amin' ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin' ny tenin' i Kristy.*
***Romana 10:17***

**Barea U23**

# 25 ireo mpilalao nantsoina ao Troyes Frantsa

Miisa 25 ireo mpilalao nantsoin'ilay mpanazatra Boualem Mankour handrafitra ny Barea U 23 hiatrika fampivondronana hatao any Troyes France manomboka amin'ny 21 ka hatramin'ny 29 martsa 2022 ho avy izao. Anisan'ireo voaantso ilay mpilalaon'ny ekipan'ny Ajesaia avy aty Madagasikara dia Ahmad El Hadary Ylan Clovis. Voaantso ihany koa ilay lohalaran'ny Barea U 20 namiratra tamin'ny taona 2020 izay mpilalaon'ny Cnaps Sport Football fahiny ary milalao ao amin'ny ekipan'ny El Gouna FC (Egypte) ankehitriny dia Randrianantenaina Arnaud izany. Ny anaran'izy 25 mirahalahy Mpiandry harato : -Rakotovazaha Allan (Us Créteil - France), -Tahiana Lucas (Chambéry Savoie Foot - France). Vodilaharana : -Rakotomahanina Matis (Fc Chambly – France), -Rafiakarana Mick (Aubagne Fc – France), -Feron Gianni (Dijon Fc – France), -Asany Guindo (Hyeres Fc – France), -Théophile Ivoula (Lb Chateuroux – France), -Robert Tony (Alexandroupoli Fc – Grèce), -Fortun Safidy (Fc Nantes – France), -Rabarivony Sandro (Stade Laval – France). Irakiraka : -Guy Zizou (Estac Troyes – France), -Rakotoarisoa Rayan (Tours Fc – France), , -Zilofo Marwan (Sc Toulon – France), -Andrianaivo Yannick (St Pryve St Hilaire – France), -Kalvin Paul (Fc Dolois - France), -Mathelin Alexis (Us Concarneau – France). Lohalaharana : -Andrianjafiarinoro Manda (Académie St Etienne – France), -Seha Sayha (Estc Troyes – France), -Fontaine Nicolas (Olympique Lyonais – France), -Picabea Olivier (Fc Lausanne Sport – Suisse), -Walter Sidney (Rcsc La Chapelle St Luc – France), -Randrianantenaina Arnaud (El Goune Fc – Egypte), -Mohamed Hadji (Fcmt Troyes – France), -Ahmed Abdourazak (Estac Troyes – France). Misy kosa ireo mpilalao 6 natao ho fiandry (Résérviste) : -Randriamamy Mathyas (Psg – France), -Dejar Jean Enzo (Montpellier Hsc – France), -Gueguen Davidson (Stade Laval – France), -Boura Ismaël (Le Havre – France), -Figuelia Noa (Fc Martigues – France), -Elhad Saïd (Châteauroux – France).



*Raheriniaina El Hadary (Ajesaia – Madagascar).*

***Rainilita***

**Rugby – Barthes Trophy 2022**

# 46 ireo mpilalao Makis U20 voatana

Navoakan'ny Malagasy Rugby ankehitriny ireo mpilalao miisa 46 « Présélecitonnés » hifantenana an'ireo mpilalao ho raikitra handray anjara amin'ny Trophée Barthés 2022 izay ho tontosaina any Nairobi Kenya amin'ny 9, 22 et 26 aprily 2022 ho avy izao : 1-Raharisaminana Tahiana (Pilier) Usa Ankadifotsy, 2-Raoarantonirina Hervé (Pilier) Asa Ambohimanarina, 3-Razafindramavo Willisse (Pilier) Toamasina, 4-Ramanambitana Eloi Luciano (Pilier) Toamasina, 5-Rakotomanana Safidy Niaina Cyprien (Pilier) 2 Arc Amoron'i Mania, 6-Rakotonirina Gervais (Pilier/2è ligne) Soe, 7-Mamitahiana Jerry Manoella (Talonneur) Ftat, 8-Ranaivonamanantsoa Heroll's Brian (Piler) Toamasina, 9-Andriamasinjanahary Lanja Fiononantsoa (Pilier) Us Ikopa, 10-Andrianatrehina Paul Marino (Tallonneur) 3Fai, 11-Razafindrahaja Tongasoa Tsilavina (Tallonneur) Fbm, 12-Rakotoniaina Johann Anael (Tallonneur) Uasc Cheminot, 13-Randriamasinavalona Todisoa Sebany (2è ligne) Tmaa, 14-Rakotonandrasana Fanomezantsoa (2è ligne) Tfa, 15-Rakotosalama Bienvenu Angelo (3è ligne) Rfc Lalamaty, 16-Rakotovao Alain (3è ligne) 3Fai, 17-Randrianoelina Donnah Donin (3è ligne) Ftba, 18-Rakotoniaina Flosy Tsiorinirina Marcel (2è ligne) Ftm Manjakaray, 19-Rakotonandrasana Avotriniaina (3è ligne) Ftba, 20-Randriamantena Tojosoa Harifetra (3è ligne) Crai, 21-Andrianantenaina Jean Luc (3è ligne) Fta Anjanahary, 22-Raharinosy Fanomezantsosa Sandratra (3è ligne) Ftba, 23-Fanomezantsoa Gilbert (3è ligne) Usa Ankadifotsy, 24-Andriamihaja Safidy Anjarasoa (3è ligne) Cosfa, 25-Randriamanantenasoa Heriniaina (3è ligne) Usa Ankadifotsy, 26-Ramaroson Philibert Sederick (Demi) Usa Ankadifotsy, 27-Rakotoson Fiononana Rolland (Demi) 3Fai, 28-Rajaonarivony Setraniaina (Ouverture) Cosfa, 29-Rasolofoniaina Hery Njaka (Ouverture) Us Ikopa, 30-Rabemananjara Andriniaina Asghary Ismaël (Ouverture) Uasc Cheminot, 31-Randrianarivelo Tahiana Eric (Ouverture) 2 Rca Amoron'i Mania, 32-Dinazara Fitahiana Ferdinand (3è ligne) 2 Rca Amoron'i Mania, 33-Randrianaivo Guy Ernest Henri (1er Centre) Usa Ankadifotsy, 34-Ramahavita Ives Fabio (Arrière) Usa Ankadifotsy, 35-Andriamasinoro Noelson (Centre/Arr) Cpi Isotry, 36-Ramanantsoa Jean Nantenaina Tonny (Ailier) Cosfa, 37-Rakotonasolo Fanekena Charles (Demi) Tmaa, 38-Razafimandimby Sendrasoa Jimmy Clark (Ailier) Cosfa, 39-Andrianiaina Louis Jessy Noël (Arrière) Brca, 40-Tojoniaina Zacharie Alain José (Ailier) Toamasina, 41-Hasina Nomenjanahary Elson G (Arrière/Ouverture) 3Fai, 42-Rajoanarivelo Andoniaina Tanjona (Arrière) Toamasina, 43-Ranaivomandimbisoa Nomenjanahary Tanjona (Ailier) Ftat, 44-Rakotonirina Flosi Tahiry Ronald (Centre) Jsm, 45-Rakotondrazaka Rojo Nirina (Centre/1er C) Toamasina, 46-Rakotoniaina Sitraka José Michel (Ailier) Usa Ankadifotsy.



*Mpilalao rugby U20 nofantenana teny amin'ny kianjan'ny Makis.*

***Rainilita***

**Mpiandraiki-draharaha Amerikana**

# Nanotrona ny 08 martsa tetsy Mahamasina

Namporisika ireo athleta vehivavy nanatrika ny hetsika «Walk for Unity, Play for Relief», nokarakarain'ny Federasiôna Malagasin'ny taranja basikety tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina, ho fanamarihana ny andro iraisam-pirenena hoan'ny zon'ny vehivavy tamin'ny talata 08 martsa 2022 lasa teo, mba "hanatratra ny nofinofiny, hanohitra ny fijery raikitapisaka momba ny lahy sy ny vavy ary ho fitaratra ho an'ny taranaka ho avy" ny mpiandraikidraharaha Amerikana monina sy miasa eto amintsika, Ramatoa Amy Hyatt. "Rehefa mahomby ny vehivavy, dia mahomby ny fianakaviana, sy ny fiaraha-monina ary ny firenena", hoy izy. Ankoatra ity diabe ho an'ny firaisankina ity dia anisan'ny nanamarika ny hetsika tamin'io talata io ihany koa ny lalao basikety 3x3, nandraisan'ireo vehivavy sokajy vétéran sy zatovovavy U12 ary U14 anjara. Nisy ihany koa ny fanaovana vaksiny teo amin'ny vaccinodrôme tantanin'ny ACCESS Health Programme an'ny USAID, sy ny fanangonana ihany koa fanomezana ho an'ireo niharam-boina vokatry ny rivodoza nandalo teto amintsika farany teo.



*Ramatoa Amy Hyatt, mpiandraiki-draharaha Amerikana eto amintsika.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Trondro sy henakisoa sy lafika voanjobory** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny margôzy



Ny soa azo avy amin'ny margôzy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maro ny olona tsy tia azy satria mangidy ny tsirony, nefa raha hay ny mahandro azy dia matsiro. Anisan'ny legioma tsara ny margôzy, fanafody ihany koa ny raviny.
Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy :
- Manasitrana ny aretin'ny taovam-pisefona : kohoka, sempotra sns...
- Tsara ho an'ny aty, miaro sy manasitrana aretina aty.
- Mampatanjaka ny hery FIAROVANA.
- Tsara ho an'ny hoditra, manala aretin'ny hoditra.
- Tsara ho an'ny diabetika.
- Fanafody ny mitohana na constipation.
- Tsara ho an'ny voa( reins ).
- Tsara ho an'ny fo.
- Fanafody CANCER na homamiadana.
- Mitondra hery.
- Manadio rà.
- Tsara ho an'ny volo.
- Mampihena vatana, manala tavy.

Afaka atao jus izy, na atao fangaron-daoka koa.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andabotoka, distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'Andabotoka, distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Tao aorian'ireo tanàna tamin'ny kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano any amin'ny faritra Melaky ihany, no ampahafantarina anao manomboka androany. Renivohitry ny kaominina Andabotoka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any atsimo andrefan'ny faritra Melaky no misy an'Andabotoka. Iva toerana izy satria 14 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny voanio fakana menaka, ny raphia, ny mangahazo. Mpanjono ihany koa ny mponina any an-toerana, amin'ny maha toerana manakaiky ranomasina azy.






MANJAKANDRIANA

## Vehivavy 35 taona maty nofaohan'ny fiara, nandositra ilay nandona

Lalampirenena faharoa tany Manjakandriana, vehivavy iray 35 taona teo no maty nofaohan'ny fiara, nandositra ilay mpamily nahavanon-doza tamin'izany lozam-pifamoivoizana izany. Fiara fourgon iray avy any Toamasina nizotra tamin'ny làlam-pirenena faharoa, teo Volavia Manjakandriana ny talata teo, no nifaoka olona miisa efatra, tamin'ny 05 ora maraina. Vehivavy iray 35 taona no maty teo noho eo, ary olona telo hafa naratra mafy. Efa nihazo ny sisin-dàlana izy ireo raha ny fantatra, saingy voafaokan'ilay fiara izay voalaza fa nandeha mafy ihany. Tsy nety nijanona kosa ny mpamily, fa nitondra ny fiara nitsoaka raha nosakanan' ny zandary. Mbola namaky ny sakana na ny barazy napetraka tany Nandihizana Carion, Ambohimalaza izy, ary teo vao tsy afa-nitsoaka intsony. Vao 27 taona monja ity mpamily ity, avy any Ankazondandy ny fiaviany. Natao famotorana tany amin'ny zandarimaria Manjakandriana ny tenany. Efa misitraka fitsaboana any amin'ny hopitaly CHRD any an-toerana ireo olona telo naratra mafy. Tsy maintsy hidoboka am-ponja arak' izany ity mpamily namono olona nefa nitsoaka, sy nandà ny fisakanana nataon'ny mpitandro filaminana ity.



*Ilay lehilahy nandona nahafaty olona tany Manjakandriana (afovoany), nefa nitsoaka avy eo.*

**Niaina**

Groupe « Vatsia »

## Manandratra ny mozika malagasy

« Vatsia », midika ho « Kintana » amin'ny malagasy ofisialy. Io no anarana nofinidin'ireo mpikambana 05 mianadahy mandrafitra ny tarika. Izy ireo izay avy amin'ny lafivalon'ny Nosy ny fiaviany. Mivoy ny gadona malagasy navelan'ireo Razambe avy any avaratra ka hatrany atsimon'i Gasikara, araka izany, ny Vatsia, tarihan'i Sahala. Ity farany izay vavitokan' ny tarika ary misahana ny lafiny fihirana. Nomarihan'i Sahala fa tsy misalasala izy ireo mampiasa ireo zavamaneno nentindrazana tahaka ny valiha, sodina ary mampiaraka izany amin'ireo zavamanenom-bahiny toy ny gitara, angorodao (taralila), mba hahafahana mitondra fanatsarana sy fampanarahana ny toetrandro ny mozika nentim- paharazana malagasy. Tsy ny zavamaneno malagasy ihany no ezahana haseho sy hampahafantarina ireo mpankafy, fa mianjaika ny fomba fitafy nentim-paharazana Malagasy: ampahany amin' izany ny satroka, salova, hetry mampiavaka ny faritra atsimo atsinanan'ny Nosy ihany koa ireo mpikambana eo anivon'ny « Vatsia ». « Ny hanandratra ny kolontsaina malagasy navelan'ireo razana amin'ny alalan'ny mozika sy ny hamoitra ny soatoavina raiketin'izy ireny anatin'ny tononkira no antom-pisianay », hoy hatrany i Sahala nanamafy.

Maro amin'ireo Nosy rahavavy aty amin'ny ranomasimbe Indianina tahaka an'i La Reunion, Mayotte no efa nanjifa ny taokanton'ny « Vatsia ». Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa ankoatry ny maha mpanakanto an'i Sahala ao anatin'ny habaky ny hira dia efa nilalao sarimihetsika, manoratra tantara ihany koa izy. Ity farany izay taranaka mpikabary sy mpanoratra. Mahafehy gadonkira hafa ankoatry ny nentim-paharazana malagasy ny Groupe « Vatsia ».



*Sahala, manana talenta marolafy.*

**Lalasoa Razafindrakoto**

Ambodivonkely Ambohimanarina

## Misy mpangalatra moto midaroka amin'ny hazo misy fantsika koa

Ahitana mpangalatra moto midaroka amin'ny hazo misy fantsika koa amin'izao fotoana eny Ambodivoninkely Ambohimanarina. Mpitondra moto nandalo teny Ambodivoninkely tokony ho tamin'ny 12ora sy 30 minitra alina no niharan'ny herisetra nataona 2 lahy niaraka tamin'ny hazo nisy fantsika afak'omaly. Mody niady teny afovoan'ny arabe izy 2 lahy ireto hoy ny niharam-boina, ka rehefa nandalo izy dia natosik'ireto olon-dratsy ary rehefa nianjera dia novelesiny tamin'ilay hazo . Tsy lavitra teo no nisy fiaran'ny Polisy nijanona, ka vao nahazo antso izy ireo dia tonga ara-potoana teny an-toerana. Tsy afaka nanosika ilay moto akory ireto olon-dratsy dia nirifatra nandositra vao nahita ny Polisy . Raikitra ny fifanenjehana ary voasambotra teo noho eo ihany izy roalahy . Ilay tovolahy nitondra moto kosa dia naratra teo amin' ny lohany noho ny kapoka nahazo azy. Noentin'ny Polisy avy hatrany teny amin'ny hopitaly ity farany ary efa nahazo ny fitsaboana sahaza azy . Rehefa natolotra ny fampanoavana ireo nahavanondoza dia niaiky ny heloka nataony ary nampidirina am-ponja vonjimaika eny Antanimora.



*Ireo roalahy mpangalatra moto tratra.*

**Stefa**

Fanapaha-kevitry ny HCC sy ny ministeran'ny vola

## Fanapotehana ny Anjerimanontolo hoy ny Seces Antananarivo

Tsy faly tamin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Hcc ankehitiriny, ny mpikambana ao amin'ny Seces Sampana Antananarivo, satria nolavin'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalampanorenana ny tolo-dalàna mikasika ny fizakantenan'ny Oniversite, sy ny toeram-pampianarana ambony ary ny foibem-pikarohana nasionaly manerana ny nosy. Nilaza ny Profesora Samy Gregoire filohan'ny Seces sampana Antananarivo, fa fizakantena mikasika ny fitantanana ara-bola, ny fizakantena amin'ny ankapobeny, ny fikarohana sy ny fampianarana ho an'ny Anjerimanontolo ity voarakitra anatin'ny tolo-dalàna ity. Nanohy fanazavana ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa ny mpikambana ao amin'ny Hcc teo aloha, no nanambara fa tokony hanana fizakantena ara-bola, ny fizakantena amin'ny ankapobeny, ny fizakantena eo amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny fikarohana ny Anjerimanontolo, mba antoka ho an'ny fiandrianan'ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, kanefa dia notsipahan'ny Hcc vaovao izany fanapahan-kevitra izany. Nanohy fanazavana ity filohan'ny Seces Antananarivo ity, fa efa nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona ity tolo-dalàna ity kanefa dia nolazain'ny Hcc vaovao, fa tsy mifanaraka amin'ny Lalam-anorenana indray hono izany. Nanamafy ny Profesora Samy Gregoire, fa fizakantena ara-bola ao anatin'ny fitantanana mangarahara eo anivon'ny Oniversite no resahana ao amin'io tolo-dalàna io, izay manohitra ny fisian'ny gaboraraka sy ny fanararaotampahefana eny amin'ny Anjerimanontolo ary antoka iray ho an'ny filaminana maharitra eny anivon'ny Oniversite. Namarana ny fanehoan-keviny ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa manohitra ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ministeran'ny vola sy ny toe-karena izay manakatona ny « Compte bancaire » eny anivon'ny « Banque primaire » ho an'ny toeram-pampianarana sy ny Oniversite ary ny foibem-pikarohana manerana ny nosy ny Seces sampana Antananarivo, satria fanapotehana ny tontolon'ny Anjerimanontolo izany fanapahan-kevitra izany. Miantso filankevi-pirenena ho an'ny Seces manerana ny nosy ny Seces Antananarivo handinika lalina sy handray fanapahan-kevitra mikasika an'ity fanapahan-kevitra noraisin'ny Hcc vaovao sy ny Ministeran'ny vola ity. Nanatanteraka fivoriana voalohany ny alarobia maraina teo, tetsy amin'ny Oniversite Antananarivo ny birao vaovao eo anivon'ny Seces sampana Antananarivo ary manaraka akaiky ny fivoaran'ny raharaham-pirenena.

**Franck Razakambelo**



*Ny Oniversiten'Antananarivo.*

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Falisoa R.**

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65

Dokam-barotra NY VALOSOA VAOVAO Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/03/2022 hatramin'ny 12/03/2022**

- **SOANDRY** (Behoririka prÈs de Luxor) 020 22 228 37/ 034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1272-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AVY NAMELY TANY SOFIA SY BOENY…

# Nivoaka an-dranomasina ilay rivodoza Gombe



*Efa nivoaka an-dranomasina omaly, ilay rivodoza Gombe.*

Nivoaka an-dranomasina omaly, any amin'ny Lakandranon'i Mozambika ilay rivodoza Gombe, rehefa avy namely ny tany Analanjirofo, sy ny faritra Sofia ary ny faritra Boeny. Tany amin'ny 90 Km mahery Avaratra somary Avaratra Andrefan'i Mahajanga no nisy ny foiben'i GOMBE omaly. Nahazo hery indray izy ka lasa Tempête Tropicale. 65 Km/ora ny rivotra miaraka aminy, izay arahina tafiotra manodidina ny 90 Km/ora. Mikisaka miakandrefana izy ka mahafaka 14 Km/ora, izany hoe miha-manalavitra ny morontsirak'i Madagasikara. Na izany aza, mbola ahiana hatrany ny rotsakorana betsaka vokatry ny fivoarany miala kely ny morontsiraka any Avaratra Andrefan'ny Nosy. Hanohy ny diany mizotra mankany Mozambika i GOMBE. Mitoetra hatrany ny fampitandremana amin'ny fahabetsahan'ny rotsakorana any amin'ny faritra Avaratra Andrefan'ny Nosy. Ny mpampiasa ranomasina eo anelanelan'Antsiranana sy Maintirano dia iangaviana mba tsy hiandriaka, satria mikorontana ny toetry ny andro. Mila mitandrina kosa ho an'ny morontsiraka hafa. Mbola arahimaso akaiky hatrany ny ho fivoaran'i GOMBE raha ny vina lavitr'ezaka. Entanina ny tsiairay, mba hanaraka ny toro-marika omen'ny manam-pahefana isan- tokony. Tany Analanjirofo sy Sava, nisy ny fahapotehana noho ny rivotra sy ny rano miakatra. Tany Maroantsetra faritra Analanjirofo ny aina nafoy iray.

***Niaina***

Tsy fandriampahalemana

# Misy vaky trano isak'alina any Moramanga

Mirongatra amin'izao fotoana ny tsy fandriampahalemana anhy Moramanga, ao amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Isak'alina dia saika misy vaky trano foana any an-toerana. Arak'izany, ao anaty tsy fahadriampahalemana tanteraka ny ao Moramanga. Isaky ny miposaka ny masoandro dia ahitana fitarainana hatrany. Miantso ny tompon'andraikitra ny mponina ao an-drenivohitry ny Bezanozano, mba hijery akaiky izao toedraharaha izao. Mandoaka rindrina ireo olon-drasy tao amin'ny fokontanin'i Tsarafasina ny alin'ny alatsinainy hifoha talata. Ny fitaovana fampiasa andavanandro no tena alain'izy ireo. Heverina fa ny fahasahiranana misy any an-toerana, tao aorian'ny fandalovan'ireny rivodoza ireny, no mahatonga ny tsy fandriampahalemana hiseho lany ao amin'ity tanàna ity.

***Niaina***



*Vaky trano fandoahana rindrina, misy any Moramanga.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 386**

- Sorena
- Vizana
- Anana tsy misy vodiny
- Ao @ kaki
- Mandeha ivelany
- Eritreritra (miv)
- Eka
- Entana
- Zaza
- Solfa
- Rindrina, fefy
- Efatra
- Aro trano
- Anelanelan'ny tany
- Ino ?
- Vazo (BR)
- Fitsaboana (miv)
- Hita (miv)
- Soloina
- Vola arotsaka

**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0385)

*Mitsivalana*
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

*Mitsangana*
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

## TENY MIFANARAKA N° 386

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | ■ |
| 2 | | | | ■ | | ■ | | | | |
| 3 | | | | | | | ■ | | | |
| 4 | | | | | | | | ■ | | |
| 5 | ■ | | ■ | | | | | | ■ | |
| 6 | | | | ■ | | | ■ | | | |
| 7 | | | | | | | | | | ■ |
| 8 | | ■ | | | ■ | | | | ■ | |
| 9 | | | | | | | ■ | | | |
| 10 | ■ | | | | | ■ | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomanao **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

### Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

**1.** Mandà - Foza (miv) **2.** Efaina **3.** Naina - Ana **4.** Ak(o) - Anana **5.** Ray - Nikalo (miv) **6.** Nafarana **7.** Anao - Fe (miv) **8.** Aizat? - Taona **9.** Nivory - Ma (miv) **10.** Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

**A** Menarana **B.** Afaka - Iny **D.** Nay - Izany (miv) **E.** Dina - Avana (miv) **F.** Ana - Afo (miv) - Fo (miv) **G.** Alaotra **H.** Rana (miv) - Tia (miv) **I.** Zanaka **J.** Manenina (miv) **K.** Fy - Mafana (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny Vehivavy TIM Atsinanana sy Analamanga, nandray anjara tamin'ny filaharambe teo amin'ny Araben'ny fahaleovantena tany Toamasina ny talata teo, tao anatin'ny fankalazana ny 8 martsa tany an-toerana.**














**Fifanakalozana traikefa tao Ambodisoanambo Toamasina, teo amin'ny Vehivavy TIM Atsinanana, sy ny Vehivavy TIM Analamanga ny talata teo, tao anatin'ny fanamarihana ny 8 martsa ihany.**

